COLLECTIF DES CANDIDATS

# Ho rava tanteraka ny fototry ny fanapahan-kevitry ny HCC

***Nanao fanambaràna niaraka ny « Collectif des candidats », na ny vondron'ireo kandidà tamin'ny fifidianana filoham-pirenena ny taona 2018, ny sabotsy 7 martsa 2020 teo, teny Faravohitra.***

Araka ny fanambaran'izy ireo : toa nilatsaham-baratra ny vahoaka Malagasy ary indrindra izahay kandida raha nahare ny fanambaràna izay nataon'Andriamatoa Thierry Rakotonarivo, filoha lefitry ny CENI tamin'io andro io satria tsy teto an-toerana ny filoha Hery Rakotomanana. Niantso ny mpanao gazety izy, teny amin'ny foiben'ny CENI Alarobia Amboniloha tamin'ny faha 28 febroary 2020 ary nilaza fa nisy Doublons 1 162 512 tamin'ny isan'ny mpifidy 10 568 400, izay 5 000 000 teo ho eo no tena tonga nifidy. Koa akory ny hagaganay fa raha atao ny kajy dia 1 162 512 mitaha amin'ny 5 millions dia vato 20% be izao no tsy tomombana.

Gaga izahay satria ny CENI izay tokony hiaro ny hasin'ny fifidianana, sy ny fanapahan-kevitra rehetra momba ny fifidianana indray, no nandrava sy nanapotika ny hasina sy ny fahamarinan'io fanapahan-kevitra io. Tsy ny tena zava-misy no noraisin'io andrim-panjakàna io raha nandray fanapahan-kevitra izy.

Niaraha-nahita ny savorovoro naterak'io fanambaràna io satria ny fototry ny fanjakàna mihitsy no voahozongozona ary rava tanteraka ny fifampitokisana amin'ny fifampitondràna eo amin'ny tany sy ny fanjakàna.

Eto ary dia tsy ny valim-pifidianana na ny fanapahan-kevitry ny HCC intsony no resaka, fa lalina kokoa satria dia ny fototry ny fanapahan-kevitry ny HCC mihitsy no rava tanteraka . Ary izany dia mitarika ny faharavan'ny hasina sy ny lanjan'ny fanapahan-kevitr'io andrim-panjakàna io. Tsy ny tena zava-misy no nianteheran'io andrim-panjakàna io raha nandray fanapahan-kevitra izy. Mihoa-pampana loatra ny atambo nitranga, ka tsy nisy lalàna azo hanamarinana azy intsony . Izany foto-kevitra izany dia eken'izao tontolo izao . Mazava ho azy fa izany lesoka izany dia manamora ny fisian'ny hosoka tamin'ny fifidianana.



*Ny sasany sy ny solontenan'ireo vondron'ny kandidà filohampirenena tamin'ny taona 2018.*

Raha jerena ny zavatra niseho taty Afrika ohatra tany Malawi sy Zimbabwe dia hita fa tany amin'ireo firenena ireo no tonga saina sy nentanin'ny feon'ny fieritreretany hikatsaka ny fahamendrehana ny mpitsara tao amin'ny fitsaràna tampony, ka tsy nifantoka hafa tsy tamin'ny andraikitra mba hiantohana ny fahamarinana.

Voafitaka tanteraka ianareo vondrona iraisam-pirenena, kanefa dia ianareo no namatsy vola ny ampahany betsaka tamin'ny fanatanterahana ny fifidianana, mba hiantohana ny fangaraharahana sy ny tsy fitongilanana, mba haneken'ny rehetra ny voka-pifidianana satria manaja ny hasin'ny tena safidim-bahoaka marina hisian'ny fandriam-pahalemana.

Vokatr'izany , ianareo mpitondra dia manana andraikitra hametraka ny fahefanareo amin'ny « legitimité » tsy azo lavina . Fa raha miziriziry amin'izao fisavorovoroana misy izao ianareo dia hiteraka krizy vaovao eto amin'ny firenena izany.

***Nangonin'Isambilo***

Fankalazana ny 8 martsa

# Tsy nitsanga-menatra fa manana ny maha izy azy ny vehivavy TIM

Hatrany atsimo ka hatrany avaratra, hatrany atsinanana ka hatrany andrefana, tsy nitsanga-menatra ary manana ny maha-izy azy ny vehivavy avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), mijoro fa tsy manaiky tsindrian'ny hafa ny Andriambavilanitra avy amin' ity antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana ity. Voaporofo tamin'iny fankalazana ny 8 martsa ny alahady teo iny, fa mbola mijoro hatrany ny vehivavy Tiako i Madagasikara manerana ny Nosy, toy ny tany Toliara, tsy natahotra niatrika ny fitondrana notarihan-dRajoelina mivady izy ireo tamin'ny fanamarihana ofisialy tany amin'ny renivohitry ny faritra Atsimo Andrefana. Tsy nahasakana ny mpikatroka vehivavy TIM ny orambe nandritra ny fanakalazana tany Toamasina, nijoro koa ny vehivavy TIM tany Fianarantsoa, sy tany Morondava, sy ny tany amin' ny toeran-kafa ihany koa… Na dia izao fitondrana izao aza no nikarakara ny andro maneran-tany hoan'ny Vehivavy, tsy ny TIM velively no handeha hanohitra an'izany na dia lazaina fa mpanakorontana sy resy lava aza, fa naneho ny heriny koa ny vehivavy TIM. Izao no manamarina fa tsy resy ny TIM, fa noezahana noresena tamin'ny fomba maro, na dia ezahina vonoina aza ny antoko Tiako i Madagasikara dia tsy maty vonoina izany satria fantatry ny maro fa nanana fahaiza-manao ny TIM tao anatin'ny 7 taona mahery nitondrany. Voaporofo ankehitriny, fa ireo vehivavy TIM dia mbola sahy mijoro, fa tsy araka ny feo aely fa hoe efa tsy misy intsony, na mamely. Mbola vonona handray fahefana hatrany ity antoko ity ary efa vonona ho amin'izany.

***Isambilo***




*Ny vehivavy TIM nandray anjara tamin'ny fankalazana ny 8 martsa tany Toliara.*

TIM Boriboritany faha-6

# Nanetsika sy namelo-maso ny mpikatroka vehivavy

Nanetsika sy namelo-maso, na nanao redynamisation ny vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM) amin'ny Boriboritany faha-6, ireo tompon'andraikitry ny antoko sy ny depiote voafidy tao amin'ity Boriboritany ity, Andriamampandry Todisoa mivady sy ny Biraon'ny Vehivavy TIM notarihan-dRamatoa Thérèse Rasoambolanoro sy ny filoha lefitra Ramatoa Vololona ary Mpanolontsaina eo anivon'ny vehivavy TIM, Ramatoa Marthe ny faran'ny herinandro teo, tao anatin'ny fankalazana ny 8 martsa, andron'ny vehivavy erantany. Nanome voninahitra ireo Andriambavilanitra ihany koa ny Mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo, avy amin'ny antoko TIM, notarihin'Andriamatoa Célestin Ratsimbazafy sady filoh lefitry ny DISTIM. Fankalazana ny 08 martsa tao Ambatolampy Antehiroka Ambohimanarina io notanterahana io, izay nahavory vehivavy marobe nihoatra ny 900, nisolotena ireo 31 FokoTIM. Voalaza tamin'izany fa vonona ny vehivavy TIM Ambohimanarina hiady amin'ny tsy fahamarinana ary manamafy hatrany ny fanambarana nataon'ny Filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana tao Bel'Air ary miandry ny toromarika rehetra. Eo amin'ny lafiny sosialy dia manana tetik'asa maromaro izy ireo, izay iarahana amin-dRamatoa vadin'ny depiote Todisoa, hitsinjovana ny vehivavy mba tsy hipetraka fotsiny manoloana ny fahantrana lalina mihàtra eto amin'ny firenena, ho fitsinjovana indrindra ny isan-tokantrano.



*Ny hetsiky ny vehivavy TIM ny alahady teo teny Ambohimanarina.*

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Coronavirus

# Tsy mila tandrevaka ny fiarovana ny aim-bahoaka

Na dia manome toky aza ny fitondrana, sy miezaka manazava ny saim-bahoaka hatrany ny minisitry ny fahasalamam-bahoaka sy ny ekipany hampitony ny vahoaka, dia tsy mahasakana ny resaka mandeha eny amin'ny fiainana andavanandron'ny sarambabem-bahoaka ihany ny amin'ity valan'aretina coronavirus covid-19 ity. Miainga avy amin'ireo mpampahalala vaovao amin'ny fitaovan-tserasera indrindra ny haino aman-jery no nahatonga izany. Ny fanazavan'izy ireo amin'ny fepetra noraisin'ny fitondrana manoloana ny fihanak'io valan'aretina io sy ny fipetraky ny fitantanana ny toekarena eto amin'ny firenena. Miferin'aina ihany ny maro no tsikaritra rehefa injay mandre olona avy any ivelany any, indrindra avy any amin'ireo firenena itrangan'ny valan'aretina amin'izao fotoana izao. Mandeha rahateo ny resaka ny ezaky ny fitondrana ho amin'ny fe-potoana hotratrarina amin'ny fanamboarana ny kianjaben'i Mahamasina momba ny olona sy ny fitaovana ho hampiasaina. Ny tsikaritry ny maro, toa misy hatrany ny fileferan'ny tomponandraikitra, ka hahatafidiran'ny olona avy any ivelany any, na dia ambara ho efa nandraisana fepetra samihafa aza ho fisorohana.

Ho an'ny mpandinika sy mpanara-baovao maro eto amin'ny firenena, dia marefo ny firenena, ary ho kely endaka raha sanatria tafiditra eto amintsika io valan'aretina io. Iaraha-mahita tsara ihany koa ny fomba fiainan'ny vahoaka, sy ny fotodrafitr'asa misy eto eo amin'ny fiatrehana izany raha sanatriavina misy. Tsy mitovy amin'ny fiatrehana ny valan'aretina pesta ity resaka indray mandeha ity, fa tena zavadoza. Ireo firenena matanjaka sy mandroso ary manankarena toa an'i Italia, Frantsa Japon, Korea atsimo, sns… aza tsy mahafehy ny fihanahany, mainka fa isika tany mahantra ity. Izay indrindra no itakiana fepetra hentitra dia hentitra tokoa amin'ny tomponandraikitra isan-tsokajiny hatrany an-tampony. Efa tombony lehibe ho antsika ny maha Nosy antsika, hoy ny mpandinika iray, kanefa ny fahamailoana sy ny fiarovantena tsy tokony hatao an-tandrevaka velively. Ny ain'ny vahoaka aloha no voalohany sy zava-dehibe indrindra vao ny zavatra samihafa toy ny fiharian-karena mifamatotra amin'ny any ivelany, sy ny tetikasa kasaina ho tanterahina eto.

***Sôh'son***